Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

Vavaka Fiambenana alakamisy 30 jolay 2020

Thème : Mofo dimy sy hazandrano roa
Texte : Jaona 6,1-15

Mitarika : Pst Henintsoa Rasolonjatovo

Fiharabana Apostolika

FFPM550/1,2
1. Ry Tompo ô, ny tany maina
No itoerako ;
Midina re, ry Andon'aina
Ho ao anatiko.

2. Tsy aloka malaky lasa
No angatahiko,
Fa hery monina hiasa
Sy hanavao ny fo.

Vavaka fihaonana sy fiaiken-keloka

FFPM261/1(feony FFPM 473)
1. Ankehitrio no isehoanao
Ry Jeso Tompo, izay malalanay!
Ankehitrio no anandramanay
Ny hafaliam-ben'ny lanitrao

Fampidirana

FFPM261/2
2. Ampiomany ao am-po izahay
Hampahadio ny eritreritray
Hahatakaranay ny avotrao
Izay nambaranao tao Kalvary

Vakiteny 1 : Jaona 6,1-4

Fanazavana fohy

FFPM261/3
3. Eto no anoloranao anay
Ny mofon'aina, rano velona
Eto no ialanay sasatra
Amin'ny adinay sy rafinay

Vavaka isan-tokantrano
- Misaotra fa afaka manaraka ny Tompo an-kalalahana.
- Mivavaka ho an'ireo kristiana iharan'ny fanenjahana.
- Handinin-tena hahafantatra izay antony hanarahana ny Tompo.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 2 : Jaona 6,5-9

Fanazavana fohy

FFPM261/4
4. Ry Jeso ô! Miandry izahay
Ny fiavian'ny voninahitrao
Ho toy ny andro vao miposaka
Ho toy ny rano mahavelona

Vavaka isan-takantrano
- Mifona ny tamin'ny fimonomononana amin'ny fanaovana ny asan'ny Tompo.
- Mangataka fahazavantsaina avy amin'ny Fanahy Masina.
- Mangataka fampaherezana ho an'ireo mandalo fizahan-toetra.

Vavaka ataon'ny Mpitandrina

Vakiteny 3 : Jaona 6,10-13

Fanazavana fohy

FFPM261/5
5. "Raiso ny Tenako" no teninao
"Ary ny Rako ho fiainana"
Am-pitiavana no andraisanay
Na dia tsy mendrika aza izahay

Vavaka isan-tokantrano
- Mivavaka ho an'ny Mpitandrina mpizara ny mofon'aina.
- Mangataka mba tsy ho mpihaino mpanadino.
- Mangataka ny fahafenoana amin'ny lafiny rehetra avy amin'ny Tompo.

Vavaka ataon’ny Mpitandrina

Vakiteny 4 : Jaona 6,14-15

Fanazavana fohy

FFPM261/6
6. Mombà anay, ry Tompo tia ô!
Aza miala amin'ny fonay
Aoka ny tavanao hazava re
Amin'ny lalana alehanay

Vavaka isan-tokantrano

- Mivavaka ho an’ny tsy salama.
- Mivavaka ho an’ireo tsy manan-kialofana sy tsy misy taratasy.
- Mivavaka ho an’ireo tanorantsika.

Vavaka ataon’ny Mpitandrina

FFPM515/1,2
1. Tsara lova, ry Jeso ô!
Ny mpanota voavotrao,
Fa fonenana soa
Amboarinao ao,
Hanefanao ny teninao:

Fiv : Ho amin' io tany io tokoa
No izoran' ny dianay;
Jeso Tompo no ao, sady efa manao
Trano soa hipetrahanay.

2. Tsara lalana, Jeso ô!
Ny vahiny tarihinao;
Raha misy manjo.
Tsy mba kivy ny fo
Fa tohanan' ny herinao:
Ho amin' io,
sns...

Hafatra :

Jaona 6,35;51

« Hoy Jesosy taminy: Izaho no mofon’ aina; izay manatona Ahy tsy mba ho noana, ary izay mino Ahy tsy mba hangetaheta intsony.
Izaho no mofo velona izay nidina avy tany an-danitra; raha misy mihinana ity mofo ity, dia ho velona mandrakizay izy; ary ny mofo izay homeko dia ny nofoko ho fiainan’ izao tontolo izao.»

FFPM515/3

3. Tsara vatsy, ry Jeso ô!
Ny mpandeha fahananao,
Fa ny teninao soa
Mofon' aina tokoa
Iveloman' ny olonao:
Ho amin' io,
sns...

Tsodrano

Ary ho an’ izay maharo anareo mba tsy ho tafintohina, ary hametraka anareo tsy hanan-tsiny eo anoloan’ ny voninahiny amin’ ny firavoravoana, ho an’ Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin’ ny alalan’ i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin’ ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.